



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitovana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-56

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA
NY TALATA 5 MEY 2020 KA HATRAMIN'NY TALATA 19 MEY 2020**

Fivoriana faha-2
Natao ny
Alarobia 6 Mey 2020
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Chrisitine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - RABENIRINA Jean Jacques
- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

FOTOANA: Alarobia 6 Mey 2020, tamin'ny 2 ora sy 20 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 5 Mey 2020 ka hatramin'ny Talata 19 Mey 2020.

Nitohy ny Alarobia 6 Mey 2020, tamin'ny 2 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Chrisitine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe, Kestora Fahatelo.

Taorian'izay, mbola niangavy azy hatrany, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny volavolam-pandaharam-potoana novolavolaina tany amin'ny «Conférence des Présidents», ka toy izao no fivakin'izany.

Nivory ny Alarobia faha-6 Mey 2020 nanomboka tamin'ny 10 maraina, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana. Nohazavainy avy eo ny antony nanaovana ny fivoriana ivelan'ny Antenimierampirenena. Niainga tamin'ny zava-misy ankehitriny dia ny hamehana ara-pahasalamana izany sy ny fepetra tsy maintsy hajaina manoloana izany.

Ara-dalàna tsara ny fanaovana izany satria voafaritra mazava ao amin'ny andininy fahatelo, andalana fahatelo ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena. Noho izany dia tsy tokony hanana ahiahy isika, fa manan-kery ara-dalàna ireo fanapahan-kevitra rehetra raisintsika etỳ amin'ny CCI Ivato.

Natolotra avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivoarian'izy ireo ny Alarobia faha-6 Mey 2020 tamin'ny 9 ora, maraina.

Taorian'ny adihevitra sy ny fanitsiana ary ny fihainoana ny solotenan'ny Governemanta dia toy izao ny volavolam-pandarahan-potoana tapaka tao amin'ny "Conférence des Présidents" ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alarobia faha-6 Mey 2020 amin'ny 11 ora sy sasany, atoandro, handraisana fanapahan-kevitra.

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Mardi 05 Mai 2020** au **Mardi 19 Mai 2020**

MARDI 05 MAI 2020

15H 00: CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA 1^{ère} SESSION ORDINAIRE 2020 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE-(CCI- Ivato)

MERCREDI 06 MAI 2020

09H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent (CCI-Ivato)

10H 00: Conférence des Présidents (CCI-Ivato)

11H 30: SEANCE PLENIERE (CCI-Ivato)

Adoption de l'ordre du jour

JEUDI 07 MAI 2020

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

- **Commission de l'Agriculture et du Développement Rural** (Saisie au fond)-(Salle BP)
Projet de loi n°010/2019 du 28 Novembre 2019 sur l'Agriculture biologique à Madagascar.

SEANCES PLENIERES (CCI-Ivato)

MARDI 12 MAI 2020

10H 00: Projet de loi n°010/2019 du 28 Novembre 2019 sur l'Agriculture biologique à Madagascar.

15H 00: Place et rôle des Députés dans la lutte contre le COVID-19 avec le Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation, le Ministère de la Santé Publique et le Ministère des Transports, du Tourisme et de la Météorologie.

MERCREDI 13 MAI 2020

10H 00: Péripéties de l'histoire contemporaine de l'Algérie par Son Excellence Monsieur L'Ambassadeur d'Algérie à Madagascar.

JEUDI 14 MAI 2020

10H 00: Rencontre avec le producteur de l'engrais liquide.

15H 00: Réforme du Comité Local du Développement (CLD) avec le Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministère de l'Economie et des Finances.

MARDI 19 MAI 2020

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent (Salle BP)

FICHE DE PRESENCE
CONFERENCE DES PRESIDENTS

DATE: 06 Mai 2020

HEURES: 10H 00

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-président
3	RABENIRINA Jean Jacques	Vice-président
4	MICHELLE BAVY Angelica	Vice-Président
5	HENRI Jean Michel	Questeur I
6	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Questeur II
7	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N°d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission de l'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
02	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des PME	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
03	Commission Juridique	IDEALSON	IRD
04	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAHARIMALALA Fiainantsoa	IRD
05	Commission du Transport et de la Météorologie	RAJOELINA Andriamiharimanana Seth	IRD
06	Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales	FIAROVANA Lovanirina Celestin	IRD
07	Commission de la Culture, Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD
08	Commission de l'Evaluation des	JOHASY Eléonore	indépendant

	Politiques Publiques		
09	Commission chargée de l'Examen de demande de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député	RAKOTOMALALA Lucien	IRD

REPRESENTANTE DU GOUVERNEMENT

-YAMICOLE Franckline Chef SRI/PRIMATURE

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa misokatra ny adihevitra ary nanome fitenenana ny Solombavambahoaka izy.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore dia nanamarika fa tsy voasoratra ao anaty famintinana ny fivoriana ny Vaomieran'ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono, torak'izany koa ny Vaomieran'ny Fahasalam-bahoaka. Noho izany, tokony hampidirana ao izy ireo.

Tsy nisy fifampidinihana tamin'ny andraikitra nomena ny Solombavambahoaka sy ny Governemanta tamin'ny fampiharana ny fahamehana ara-pahasalamana, koa tsapanay fa tsy napetraka amin'ny toerana mahaizy azy izahay. Noho izany, manao sosokevitra amin'ny tokony hampidirana izay fifampidinihana izay rahampitso Alakamisy tolak'andro.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa mety tsy ho tafiditra rahampitso izany satria hisy ny asam-baomiera hatao. Raha mety, aleo ampidirina amin'ny Talata 12 Mey 2020 aorian'ny fandinihana ny volavolan-dalàna voalaza ao anaty «ordre du jour» izany, ka eo no ahitana ny toerana misy antsika manoloana izao zava-misy izao.

Andriamatoa REMI dit DJAO Jean kosa raha nomena fitenenana, nilaza fa tokony hampidirina amin'ity «ordre du jour» ity ny fandinihana mikasika ny CLD satria maro ny Solombavambahoaka mbola tsy nisitraka izany. Niangavy ny hiantsoana ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Minisitry ny Atitany koa izy mba hifanatrika amin'ny Solombavambahoaka manoloana izany toe-javatra izany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa amin'ny faha-13 Mey 2020 izao dia hihaona amintsika ny Masoivohon'i Alzeria koa mety ve raha atao ny tolak'andron'ny Alakamisy 14 Mey 2020 izay fangatahana izay.

Rehefa izany, nitohy nanome fitenenana ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha.

Nanambara, Andriamatoa MAMIHAJA Charlot, fa tsy tonga any aminy ny «Gel» fanasana tànana amin'izao ady amin'ny «Coronavirus» izao; toaka gasy no anasan'ny olona tànana. Noho izany, tokony haverina ny fandinihana ny Tolo-dalàna natolotr'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle amin'ny hanalalahana ny fivarotana toaka gasy.

Nanamarika koa izy, fa tokony hasiana «huis clos» aorian'izao fivoriambe izao.

Nanamafy izany, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa tokony hatao tokoa izay “huis clos” izay satria maro ny zavatra hodinihana momba ny Solombavabahoaka.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, nanamarika fa mandalo fotoan-tsarotra ny firenena amin’izao fotoana izao; betsaka ny olona tsy an’asa, maro koa no voaroaka amin’ny asany. Koa manoloana izany, aleo antsoina hihaona amintsika ny Minisitry ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Fitaterana, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fahasalam-bahoaka ary ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana mba hitondra vahaolana mikasika izany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tsy amin’ny herinandro ambony ihany no ivoriantsika eto, ka tsara raha ijerena fotoana malalaka satria maro ireo mpikambana ao amin’ny Governemanta tiantsika hantsoina mba hihaonana.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTOSON Hubert, nanamarika fa tokony hatao vitsivitsy ny Minisitry antsoina sady izay tena ilaina no asaina ho tonga eto.

Nohamafisiny fa ny resaka CLD no tsara atao mialoha vao miditra zavatra hafa.

Nanamafy, Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, fa marina tokoa ny voalazan’ny namany vao teo, ireo Minisitry tena ilaina no hantsoina eto toy ny Minisitry ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Fitaterana, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fahasalam-bahoaka.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa ireo Minisitry efatra ireo izany no hantsoina amin’io andro io.

Nomena fitenenana, Andriamatoa REMI dit DJAO Jean ary nanamarika fa zavatra mitombina no tena ilain’ny Solombavambahoaka sady izay tokony ho vita aloha no atao satria mbola ao anatin’ny “confinement” isika amin’izao fotoana izao. Tsy ny Minisiteran’ny Fahasalam-bahoaka ihany no ahitana olana, fa ao koa ny Minisiteran’ny Atitany. Ity farany no tokony ho tonga mialoha satria izy no namoaka ny didim-panjakana momba ny CLD na dia misy aza ny aretina “corona”.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa nanolotra sosokevitra amin’ny fihaonana hatao ny faha-14 Mey 2020, fa tokony efa voamana ny faha-12 Mey 2020 ny zavatra avy amintsika Solombavambahoaka.

Antsoina ihany koa ny Minisiteran’ny Fanabeazam-pirenena manoloana ny “mesure d’accompagnement” noraisiny satria misy zavatra tsy mitovy ho an’ireo mpianatra hiatrika ny fanadinam-panjakana.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, namaly izany fa tsy amin’ny herinandro ambony ihany no hivoriana eto, ka halamina araka ny mahamety azy izany.

Andriamatoa FIENENA Richard Désiré indray raha nomena fitenenana, nanambara fa manomboka ny fivoriantika izao; voalazanao teo, Ramatoa Filoha, fa misy fiantraikany ity valan’aretina “covid 19” ity.

Noho izany, tokony hanao tatitra ny Governemanta momba izay zavatra izay kanefa raha mety, ataovy tonga alohan'ny handinihana ny LFR izay tatitra hataony izay.

Nanazava, Ramatoa Filoha, fa mbola tsy fantatra ny hahatongavan'ny LFR eto amintsika kanefa adidintsika ny mampiantso ny Governemanta hanao izay tatitra izay, ka rehefa vitany izany, afaka mametraka fanontaniana isika.

Hampidirintsika amin'ity "ordre du jour" ity ve ny mikasika izay sa hatao amin'ny manaraka. Azontsika andraisana fanapahan-kevitra ny momba izay rehefa avy eo.

Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson kosa nanamarika fa tara ny tatitra raha alohan'ny ahatongavan'ny LFR satria misy fiantraikany ara-toekarena ity «covid 19» ity. Noho izany, tokony hisy «plan stratégique» hapetraky ny Governemanta alohan'ny handaniana ny LFR indrindra ho anay any ambanivohitra. Inona no "plan de relance économique" tokony horaisiny satria tsy ho fatin'ny aretina isika fa ho fatin'ny hanoanana. Aleo io voalaza io no hodinihana satria manana ny mahaizy azy isika.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique, nanontany amin'ny fomba hanatanterahana ny fandoavana ny JIRAMA satria samy tojo fahasahiranana na ny mpanjifa na ny orinasa ary aty aminay ny vahoaka no mitaraina izany.

Nanamarika, Andriamatoa MANOLOSOA Felix, fa tokony ny fandaniana ny «ordre du jour» no hatao amin'izao fotoana izao satria efa lasa loatra ny ora.

Raha mikasika ny fiantsoana ny Minisitry, hoy Andriamatoa RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges, aleo rehefa tonga eto ry zareo vao lazaina azy ny tena zava-marina, fa tsy omanina mialoha izany.

Tokony hozaraina roa ny fihaonana amin'ny Minisitry, hoy Andriamatoa FAMINDRA Justin, satria mbola ao anatin'ny «confinement» isika izao. Izany hoe, tsy izy rehetra no antsoina fa izay voakasika aloha sady asiana "plan de redressement" mifanaraka amin'izany.

Inona no andraikitra ny Solombavambahoaka manoloana izao zava-misy izao.

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle kosa nilaza fa tokony halamina ny tsangan-tànana satria be loatra ny fotoana lany kanefa resaka "confinement" sy CLD no fangatahana natao voalohany teo. Alamino izay ary aorian'izany isika miditra amin'ny "huis clos".

Nanamafy, Andriamatoa SATRA Augustin, fa aleo miditra amin'ny fandaniana ny "ordre du jour" avy eo isika vao manao "huis clos".

Raha nandray fitenenana kosa Andriamatoa HENRI Jean Michel, nanamarika fa mizara roa ny fandaharam-potoana amin'ny faha-12 Mey 2020 io. Hihaona amin'ny Minisitry ny Atitany aloha isika, ka amin'izany no hiresahana ny momba ny CLD.

Aorian'izay, mihaona amin'ny Minisitry ny Fitantanam-bola satria lasa be loatra raha hiantso Minisitry hafa indray isika.

Tsy ho vita izany fa aleo ny resaka CLD sy ny “Etat d’urgence sanitaire” no hatao laharam-pahamehana, ka izay no antony hiantsoana manokana ny Minisitry ny Atitany.

Aleo hiditra amin’ny fandaniana ny “ordre du jour” isika satria tsy an’ny Minisiteran’ny Fitantanam-bola ny resaka CLD, fa an’ny Minisiteran’ny Atitany; arosoy ny tsangan-tànana raha mety.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa izay angamba no tokony hirosoana.

Fanamarihana mikasika ny lisitry ny mpivory tany amin’ny “Conférence des Présidents” no nentin’Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina, fa maro ny mpivory kanefa tsy ampy ny isan’ny pejy raha ny famintinana ny fivoriana no jerena.

Taorian’izay, nitondra fanazavana tamin’ny sosokevitra naroson’ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha.

Nomarihany fa hasiam-panovàna izany ity “ordre du jour” ity raha izay rehetra izay no jerena.

Mikasika ny Talata 12 Mey 2020, nisy nilaza fa hatao amin’ny 3 ora, tolak’andro, ny momba ny toerana sy ny andraikity ny Solombavambahoaka manoloana ny “Etat d’urgence sanitaire”, ka hiantsoana ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fitantanam-bola ary ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka.

Ny Alakamisy 14 Mey 2020 amin’ny 3 ora, tolak’andro, kosa no hihaonana amin’ny Minisitry ny Atitany sy ny Minisitry ny Fitantanam-bola.

Nanao satroka Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, fa tsara raha miaraka eto ny Minisitry ny Atitany sy ny Minisitry ny Fitantanam-bola amin’io faha-14 Mey 2020 io handinihana ny resaka CLD, fa akarina ny Talata 12 Mey 2020 ny fiantsoana ny Minisitry ny Fitaterana.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tsy tafiditra amin’ireo izany ny Minisitry ny Fitaterana, ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana ary ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena raha azoko tsara.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, rehefa nanao satroka, nanambara fa tsy mety raha tsy miatrika antsika ny Minisitry ny Atitany satria lohahevitra amin’ny andraikitra miankina aminy no ilantsika azy. Noho izany, tokony hantsoina ihany izy ny Talata sy ny Alakamisy.

Nilaza kosa, Andriamatoa REMI dit DJAO Jean tamin’ny satroka nataony, fa tokony hantsoina misesy ny Minisitry rehetra hampitana ireo zava-misy amin’izao fotoana izao.

Rehefa izany, namaly Ramatoa Filoha, fa nisy sosokevitra teo manao hoe: hantsoina ny Governemanta hanao “plan de relance”, hojerena ny momba izay.

Taorian'izay, nanambara izy fa hiroso amin'ny fandaniahana ny "ordre du jour" nasiam-panovàna ny mpivory, fa ny resaka toaka gasy azo ampidirina amin'ny fotoana manaraka.

Nomena fitenenana farany, Andriamatoa MANOLOSOA Felix ary nilaza ho sadaikatra amin'ireo toerana mahazo tombotsoa amin'ny resaka fanampiana, fa mba aiza ho aiza kosa ny an'ny sasany tsy misitraka izany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa azony ampitaina amin'ny tomponandraikitra izay hetaheta izay ny Talata 12 Mey 2020 ho avy izao.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana nasiam-panovàna ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 68 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 5 Mey 2020 ka hatramin'ny Talata 19 Mey 2020.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, mbola nandraisana fanapahan-kevitra ny hanaovana "huis clos" na tsia.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka maro no nanaiky, iray no nitsipaka, iray ihany koa no tsy nilaza ny heviny.

Niangavy ny mpanatrika fivoriana, Ramatoa Filoha, mba hivoaka ny efitrano satria hiditra amin'ny "huis clos" ny Solombavambahoaka.

Niato tamin'ny 3 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny rehetra, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona